

Nahazo taratasy filazana avy amin'ny *météo* ny momba ny toe-andro ny mpanao gazety, manambara fa ny volana novambra sy desambra no manomboka fikinjan'ny orana.

Ho an'ny volana janoary dia mbola hitohy izany orana izany, indrindra any amin'ny tapany avaratra. Nandritra ny roa na telo andro izay dia nisy fiovana ny toetr'andro. Nampahafantatra ny teo anivon'ny BNGRC (***Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes***) sy ny *Météo* momba ny fandalovan'ny oram-baratra sy ny rivo-mahery eto Madagasikara.

Ho tratra izany ny ao Morondava, Toliara sy Vangaindrano. Araka ny fanazavana nomen'ny Sekretera mpanatanteraka ny BNGRC, ny Colonel Elack Olivier Andriakaja, dia nanomboka ny zoma 15 novambra 2019 tolak'andro izany rivo-mahery arahin'orana izany.




MINISTÈRE DE L'INTÉRIEUR ET DE LA DÉCENTRALISATION
BUREAU NATIONAL DE GESTION DES RISQUES ET DES CATASTROPHES
BNGRC